

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
**Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana**

**LOI n° 2003 - 034**

Autorisant la ratification de l'Accord de Crédit conclu le  
03 juin 2003 entre la République de Madagascar et  
le Fonds Africain de Développement (FAD) relatif au Projet  
de Réhabilitation de la Route Nationale RN1 Bis PK 38 au PK 99.3  
et des Routes Provinciales connexes. Prêt n° 2100/50006778  
Projet n° P-MG-DBO-008

**EXPOSE DES MOTIFS**

Afin de procéder au financement du « Projet de Réhabilitation de la Route Nationale RN1 Bis (PK 38 au PK 99.3) et de Routes Provinciales connexes», la République de Madagascar a conclu le 03 juin 2003, un Accord de Prêt d'un montant de DIX MILLIONS CENT MILLE (10 100 000 UC) Unités de compte, soit environ 85.602.000.000 (QUATRE VINGT CINQ MILLIARDS SIX CENT DEUX MILLIONS) Francs Malagasy avec le Fonds Africain de Développement (FAD).

**OBJECTIFS DU PROJET**

Le projet vise à améliorer l'efficacité du secteur des transports pour soutenir la relance de l'économie Malagasy.

Au niveau spécifique, le projet vise à améliorer l'accessibilité et la mobilité des populations rurales dans la province d'Antananarivo.

**DESCRIPTION DU PROJET**

Pour atteindre les objectifs sus mentionnés, les réalisations suivantes sont attendues du projet :

- A) Réhabilitation d'un tronçon de 61.3 km de la Route Nationale RN1 bis (PK 38 au PK 99.3) entre Fanjakamandroso et Tsiroanomandidy qui présente deux sections homogènes :
  - a) une section de 56.3 km de chaussée existante à réhabiliter,
  - b) une section de 5 km dont 2.2 km en site urbain à reconstruire.

La réhabilitation de la première section consiste à renouveler la couche de roulement par 4cm d'enrobé dense sur la largeur de 5.5m de chaussée.

Pour les sections à reconstruire, les corps de chaussée seront réalisés en quarzite et grave concassée avec une couche de roulement de 4 cm d'enrobé dense.

- B) Réhabilitation partielle de cinq cent cinquante (550) km de Routes Provinciales en terre connexes,
- C) Contrôle et surveillance des travaux,

- D) Appui institutionnel,
- E) Etudes de routes provinciales,
- F) Audit du Projet

### **FINANCEMENT DU PROJET**

PRET FAD : 10,10 millions d'UC  
DON FAT : 0.23 million d'UC

### **CONDITIONS FINANCIERES DES PRETS**

- Bailleur : FAD
- Montant : 10.100.000 UC soit environ 85.602.000.000 (QUATRE VINGT CINQ MILLIARDS SIX CENT DEUX MILLIONS) francs malagasy
- Durée : 40 ans après un différé d'amortissement de 10 ans
- Remboursement du principal : versements semestriels égaux et consécutifs à raison de 1% par an entre les onzième et vingtième années de ladite période et de 3% par la suite :
- Le 1<sup>er</sup> avril ou le 1<sup>er</sup> octobre de chaque année
- Commission de service : 0.75% sur le montant décaissé et non remboursé,
- Commission d'engagement : 0.5% sur le montant du prêt non décaissé commençant à courir cent vingt (120) jours après la signature de l'accord.

Aux termes de l'article 82, paragraphe VIII de la Constitution «la ratification ou l'approbation des traités ... qui engagent les finances de l'Etat doit être autorisée par la Loi ».

Tel est, l'objet de la présente Loi.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
***Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana***

-----

**LOI n° 2003 - 034**

Autorisant la ratification de l'accord de crédit conclu le 03 juin 2003 entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement relatif au projet de réhabilitation de la Route Nationale RN1 Bis (PK 38 au PK 99,3) et de Routes Provinciales connexes : Prêt n° 2100150006778  
Projet n° P-MG-DBO-008

L'Assemblée nationale a adopté en sa séance du 28 octobre 2003, la Loi dont la teneur suit :

**Article unique** - Est autorisée la ratification de l'accord de crédit conclu le 03 juin 2003 entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement relatif au projet de réhabilitation de la Route Nationale RN1 Bis (PK 38 au PK 99,3) et de Routes Provinciales connexes d'un montant de 10.100.000 (DIX MILLIONS CENT MILLE) UC, soit l'équivalent de 85.602.000.000 (QUATRE VINGT CINQ MILLIARDS SIX CENT DEUX MILLIONS) francs malagasy.

**Antananarivo, le 28 octobre 2003**  
**DE L'ASSEMBLEE NATIONALE**

**LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,**

**LE SECRETAIRE,**

**LAHINIRIKO Jean**

ACCORD DE PRET  
ENTRE  
LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR  
ET  
LE FONDS AFRICAIN DE DEVELOPPEMENT

(PROJET DE REHABILITATION DE LA  
ROUTE NATIONALE RN1 BIS (PK 38 AU PK 99,33)  
ET DES ROUTES PROVINCIALES CONNEXES)

**ACCORD DE PRET  
ENTRE  
LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR  
ET  
LE FONDS AFRICAIN DE DEVELOPPEMENT**

**(PROJET DE REHABILITATION DE LA  
ROUTE NATIONALE RN1 BIS (PK 38 AU PK 99,33)  
ET DES ROUTES PROVINCIALES CONNEXES)**

---

**N° DU PROJET : P-MG-DBO-008  
N° DU PRET : 2100150006778**

Le présent ACCORD DE PRET (ci-après dénommé l' « Accord ») est conclu le 03 juin 2003, entre la REPUBLIQUE DE MADAGASCAR (ci-après dénommée l' « Emprunteur ») et le FONDS AFRICAIN DE DEVELOPPEMENT (ci-après dénommé le « Fonds »).

1. ATTENDU QUE l'Emprunteur a demandé au Fonds de financer une partie des coûts en devises et une partie des coûts en monnaie locale du projet de réhabilitation de la route nationale RN1 Bis (PK 38 au PK 99,3) et de routes provinciales connexes (ci-après dénommé le « Projet »), en lui accordant un prêt jusqu'à concurrence du montant stipulé ci-après ;
2. ATTENDU QUE le Projet est techniquement réalisable et économiquement viable ;
3. ATTENDU QUE le Ministère des Travaux Publics sera l'organe d'exécution du Projet ;
4. ATTENDU QUE le Fonds a accepté d'octroyer ledit prêt à l'Emprunteur conformément aux clauses et conditions stipulées ci-après ;

EN FOI DE QUOI, les parties au présent Accord sont convenues de ce qui suit :

**ARTICLE I  
CONDITIONS GENERALES - DEFINITIONS**

Section 1.01. Conditions Générales. Les parties au présent Accord conviennent que toutes les dispositions des Conditions Générales applicables aux Accords de prêt et aux Accords de garantie conclus par le Fonds, portant la date du 23 novembre 1989, telles qu'amendées (ci-après dénommées les « Conditions Générales ») ont la même portée et produiront les mêmes effets que si elles étaient insérées intégralement dans le présent Accord.

Section 1.02. Définitions. A moins que le contexte ne s'y oppose, chaque fois qu'ils seront utilisés dans le présent Accord, les différents termes définis dans les Conditions Générales ont la signification qui y a été indiquée.

**ARTICLE II  
PRET**

Section 2.01. Montant. Le Fonds consent à l'Emprunteur sur ses ressources, un prêt en diverses monnaies convertibles d'un montant maximum équivalant à dix millions cent mille unités de compte (10.100.000 UC) (l'unité de compte étant définie à l'article 1, alinéa 1 de l'Accord portant création du Fonds).

Section 2.02. Objet. Le prêt servira à financer une partie des coûts en devises et une partie des coûts en monnaie locale du Projet défini à l'Annexe I de l'Accord.

Section 2.03. Affectation. Le prêt sera affecté aux diverses catégories de dépenses du Projet, conformément à l'Annexe II de l'Accord.

### **ARTICLE III**

#### **REMBOURSEMENT DU PRINCIPAL, COMMISSION DE SERVICE, COMMISSION D' ENGAGEMENT ET ECHEANCES**

Section 3.01. Remboursement du principal. a) L'Emprunteur remboursera le principal du prêt, après un différé d'amortissement de dix (10) ans à compter de la date de signature de l'Accord, sur une période de quarante (40) ans, à raison de un pour cent (1%) par an entre les onzième et vingtième années de ladite période et de trois pour cent (3%) par an, les années suivantes.

b) Le prêt sera remboursé par des versements semestriels, égaux et consécutifs, dont le premier sera effectué le 1<sup>er</sup> avril ou le 1<sup>er</sup> octobre, selon celle des deux dates qui suivra immédiatement la fin du différé d'amortissement.

Section 3.02. Commission de service. L'Emprunteur paiera une commission de service de trois quarts de un pour cent (0,75%) l'an, sur le montant du prêt décaissé et non encore remboursé, conformément aux stipulations de la section 3.02 des Conditions Générales.

Section 3.03. Commission d'engagement. L'Emprunteur paiera une commission d'engagement de un demi de un pour cent (0,50%) sur le montant du prêt non décaissé, commençant à courir cent vingt (120) jours après la signature de l'Accord.

Section 3.04. Echéances. Le principal du prêt, la commission de service et la commission d'engagement prévus ci-dessus devront être versés tous les (6) mois, le 1<sup>er</sup> avril et le 1<sup>er</sup> octobre de chaque année.

### **ARTICLE IV**

#### **ENGAGEMENT DE L' EMPRUNTEUR**

Section 4.01. Engagement de l'Emprunteur. Aux termes du présent Accord, l'Emprunteur s'engage à : Augmenter la redevance des usagers à un niveau jugé satisfaisant par le Fonds.

### **ARTICLE V**

#### **CONDITIONS PREALABLES A L'ENTREE EN VIGUEUR, AU PREMIER DECAISSEMENT ET AUTRE CONDITION**

Section 5.01. Conditions préalables à l'entrée en vigueur. L'entrée en vigueur du présent Accord est subordonnée à la réalisation par l'Emprunteur des conditions prévues à la Section 5.01 des Conditions Générales.

Section 5.02. Conditions préalables au premier décaissement. Outre l'entrée en vigueur du présent Accord, le premier décaissement des fonds du Prêt est subordonné à la réalisation par l'Emprunteur, à la satisfaction du Fonds, des conditions ci-après :

- (i) fournir au fonds la preuve de l'adoption du projet de décret modifiant le fonctionnement du Fonds d'entretien routier (FER) visant à sécuriser la taxe sur les produits pétroliers (TPP), à élargir le conseil d'orientation et à plafonner le montant des ressources destinées aux travaux

d'urgence ; et

- (ii) fournir au Fonds la preuve de l'ouverture d'un compte en devises auprès d'une banque commerciale de premier rang pour recevoir la contribution du Fonds pour le financement des acquisitions de biens et la rémunération des deux personnes ressources.

Section 5.03. Autre condition. L'Emprunteur devra en outre :

Fournir au Fonds, au plus tard au 30 juin 2004 le plan d'action relatif à l'augmentation de la redevance des usagers.

## **ARTICLE VI**

### **DECAISSEMENTS - DATE DE CLOTURE**

Section 6.01. Décaissements. Le Fonds, conformément aux dispositions de l'Accord et des Conditions Générales, procédera à des décaissements en vue de couvrir les dépenses afférentes aux biens et services requis pour l'exécution du Projet.

Section 6.02. Date de clôture. La date du 31 décembre 2005 ou toute autre date ultérieure qui aura été convenue entre l'Emprunteur et le Fonds, est fixée aux fins de la Section 9.01, paragraphe a (iv) des Conditions Générales.

## **ARTICLE VII**

### **ACQUISITION DES BIENS, TRAVAUX ET SERVICES**

Section 7.01. L'Emprunteur s'engage à ce que les sommes provenant du prêt ne soient utilisées que pour l'acquisition dans les territoires des Etats participants ou Etats membres, des biens qui y sont produits ou des services en provenant (les termes Etat « participant » et Etat « membre » étant définis à l'Article 1, alinéa 1 de l'Accord portant création du Fonds).

Section 7.02. Acquisition des biens et travaux. Les biens et travaux nécessaires à l'exécution du Projet seront acquis tel que stipulé ci-après, conformément aux Règles de Procédure adoptées par le Fonds le 15 juillet 1996 et révisées le 10 novembre 1999 :

- (i) l'acquisition des travaux de réhabilitation de la route nationale RN1 BIS se fera par appel d'offre international ;
- (ii) l'acquisition des travaux de réhabilitation des routes provinciales se fera par appel d'offre national ;
- (iii) l'acquisition des équipements informatiques et fournitures de bureaux se fera par consultation de fournisseurs à l'échelle nationale.

Section 7.03. Acquisition des services. Les services nécessaires à l'exécution du Projet seront acquis tel que stipulé ci-après, conformément aux Règles de Procédure adoptées par le Fonds le 15 juillet 1996 et révisées le 10 novembre 1999 :

L'acquisition des services de consultant pour l'appui institutionnel, pour le contrôle et la supervision des travaux ; pour les études de réhabilitation de routes provinciales et pour l'audit des comptes du Projet se fera sur la base d'une liste restreinte.

## **ARTICLE VIII**

### **DISPOSITIONS DIVERSES**

Section 8.01. Affectation exceptionnelle du Prêt. Au cas où de l'avis de l'Emprunteur et du Fonds, l'exécution du Projet risquerait d'être compromise par une situation exceptionnelle et imprévisible, le Fonds peut imputer sur le prêt un montant maximum de un pour cent (1%), soit cent un mille unités de compte (101.000 UC), afin de financer les coûts d'expertise ou de toutes mesures nécessaires pour remédier à ladite situation. Ces dépenses seront effectuées sans que l'Emprunteur ait à demander au préalable les versements correspondants, mais le Fonds notifiera instamment à l'Emprunteur le montant exact de cette affectation.

Section 8.02. Représentant autorisé. Le Ministre des Finances et de l'Economie ou toute personne qu'il désignera par écrit sera le représentant autorisé de l'Emprunteur aux fins de la Section 14.03 des Conditions Générales.

Section 8.03. Date de l'Accord. Le présent Accord sera considéré en toutes circonstances comme conclu à la date qui figure en première page.

Section 8.04. Adresses. Les adresses suivantes sont mentionnées aux fins de la Section 14.01 des Conditions Générales.

**Pour l'Emprunteur :** Adresse postale :  
Ministère des Finances et de l'Economie  
B.P. 129 Antananarivo  
REPUBLIQUE DE MADAGASCAR

Adresse télégraphique :  
Télex : 22489 MINFIN  
Téléphone : (261) 20 22 242 51  
Fax : (261) 20 22 345 30

**Pour le Fonds :** Adresse postale :  
Fonds africain de développement  
01 BP 1387 ABIDJAN 01  
COTE D'IVOIRE

Adresse télégraphique :  
AFDEV/ABIDJAN  
Téléphone : (225) 20 20 44 44  
Fax : (225) 20 20 56 67 / 20 20 59 20

EN FOI DE QUOI, le Fonds et l'Emprunteur, agissant par l'entremise de leurs représentants autorisés respectifs, ont signé le présent Accord en deux exemplaires en français, faisant également foi.

**POUR LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR**

RADAVIDSON ANDRIAMPARANY BENJAMIN  
MINISTERE DE L'ECONOMIE DES FINANCES ET DU BUDGET

**POUR LE FONDS AFRICAIN DE DEVELOPPEMENT**

THEODORE F. NKODO  
VICE-PRESIDENT

**CERTIFIE PAR : CHEIKH IBRAHIMA FALL**  
SECRETARE GENERAL

**ANNEXE I**  
**DESCRIPTION DU PROJET**

Les principales composantes du Projet sont :

- A. Réhabilitation de la RN1 BIS (PK 38 au PK 99,3) ;
- B. Réhabilitation partielle de cinq cent cinquante kilomètres (550 km) de routes provinciales en terre connexes ;
- C. Contrôle et surveillance des travaux ;
- D. Appui institutionnel ;
- E. Etudes de routes provinciales ; et
- F. Audit du Projet.

**ANNEXE II**  
**AFFECTATION DES RESSOURCES DU PRET**

La présente Annexe indique les différentes catégories de dépenses à financer sur les ressources du prêt et l'affectation de ces ressources à chaque catégorie :

Catégories	Coûts en Millions d'UC		
	Devises (UC)	Monnaie locale	Coût Total
<b>1. TRAVAUX DE GENIE CIVIL</b>			
1.1. Route Nationale RN1 BIS	3.29	0.97	4.26
1.2. Routes Provinciales	2.03	1.50	3.53
Sous-Total Travaux	5.33	2.47	7.80
<b>2. SERVICES DES CONSULTANTS</b>			
2.1. Contrôl./Surveil. RN1 BIS	0.19	0.06	0.25
2.2. Contrôl./Surveil. Routes Prov.	0.17	0.05	0.22
2.3. Assistance Technique MTP	0.12	0.03	0.15
2.6. Audit	0.04	0.00	0.04
Sous-Total Services Consultants	0.53	0.14	0.67
<b>3. BIENS ET EQUIPEMENTS</b>	0.02	0.00	0.02
Sous-Total Biens et Equipements	0.02	0.00	0.02
COÛT DE BASE	5.88	2.61	8.49
IMPREVUS PHYSIQUES	0.59	0.26	0.85
HAUSSE DES PRIX	0.43	0.33	0.76
<b>COÛT TOTAL DU PROJET</b>	<b>6.90</b>	<b>3.20</b>	<b>10.10</b>

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
**Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana**

---

**ANTENIMIERAMPIRENENA**

**LAHARANA FAHA 2003-**

**Manome alàlana ny fankatoavana ny fampisamboram-bola eo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Tahiry Afrikanina momba ny Fampandrosoana ho enti-manatontosa ny tetikasam-panarenana ny lalàm-pirenena voalohany *bis* hatreo amin'ny kilaometatra faha-38 ka hatramin'ny faha-99,33 ary ireo lalam-paritany mifandray aminy.**

**Fampindramam-bola laharana faha-2100150006778**  
**Laharan'ny Tetikasa : P-MG-DBO-008**

---

**FAMELABELARANA NY ANTONY**

-----

Mba hamatsiana vola ny tetikasam-panarenana ny lalàm-pirenena voalohany *bis* (kilaometatra faha-38 ka hatramin'ny faha-99,33) sy ireo lalam-paritany mifandray aminy dia nanao fifanarahana fampisamboram-bola amin'ny Tahiry Afrikanina momba ny Fampandrosoana ny Repoblikan'i Madagasikara. Mahatratra IRAY HETSY SY FOLO TAPITRISA *UNITES DE COMPTE* (10.100.000 UC) na ROA SY ENINJATO TAPITRISA SY DIMY AMBY VALOPOLO LAVITRISA IRAIMBILANJA MALAGASY (85.602.000.000 FMG) ny totalin'ny vola notrosaina tamin'ny alalan'izany fifanarahana izany.

**ZAVA-KENDREN'NY TETIKASA**

Ny fanatsarana ny fitaterana mba ho fanoitran'ny toekarem-pirenena no tanjon'ny tetikasa.

Ao koa ny fanatsarana ny fahafahan'ny mponina eny ambanivohitra sy ny faritanin'Antananarivo mivezivezy.

**NY ANTSIPIRIAN'NY TETIKASA**

Mba hahatrarana ny zava-kendren'ny tetikasa dia ireto avy ny votoatin'ny tetikasa :

A. Fanarenana ny ampahan-dalana 61,3 km amin'ny lalàm-pirenena voalohany (RN1) *bis* (miala ny kilaometatra faha-38 ka hatramin'ny faha 99,3) eo anelanelan'i Fanjakamandroso sy Tsiroanomandidy, mizara roa io ampahan-dalana io :

a) ampahany mirefy 56,3 km amin'ny lalana efa misy no arenina,

b) ampahany mirefy 5 km amboarina indray mandeha ka ny 2,2 km dia an-tanan-dehibe.

Ny fanarenana ny ampahany voalohany dia fanavaozana ny tampon'ny arabe amin'ny fanasiana godorao matevina 4 cm amin'ny sakan'ny arabe izay mirefy 5,5 m.

Ny ampahany amboarina indray mandeha dia poti-bato no aparitaka eo amin'ny tampon'ny arabe ary rarahana godorao matevina 4 cm.

B. Fanarenana ny ampahan'ny lalàm-paritany, lalàn-tany, mahatratra 550 kilaometatra;

C. Fanaraha-maso ny asa;

D. Fanampiana amin'ny fandaminana ny rafitra ankapobeny;

E. Fanadihadiana mikasika ny lalàm-paritany;

F. Fanamarinana mikasika ny tetikasa.

### **FAMATSIAM-BOLA NY TETIKASA**

Vola ampitrosain'ny Tahiry Afrikanina momba ny Fampandrosoana : 10,10 tapitrisa UC.

Vola omen'ny FAT na tahiry ho an'ny fanampiana teknika : 0,23 tapitrisa UC.

### **Ireo Fepetra Mifehy ny Fampitrosana ny Vola**

- Mpamatsy vola : Tahiry afrikanina momba ny fampandrosoana
- Totalin'ny vola ampitrosaina : 10.100.000 *unités de compte* na ROA SY ENINJATO TAPITRISA SY DIMY AMBY VALOPOLO LAVITRISA IRAIMBILANJA MALAGASY (85.602.000.000 FMG).
- Faharetan'ny trosa: 40 taona saingy mbola tsy aloa mandritry ny folo taona voalohany.
- Fandoavana ny trosa : isaky ny enim-bolana sy tsy an-kiato no andoavana ny trosa ary mitovy ny haben'ny vola aloa ka iray isan-jato isan-taona eo anelanelan'ny taona faha-iraka ambin'ny folo sy ny taona faha-roapolo ary 3% isaky ny taona sisa manaraka.
- Aloa isan-taona ny voalohan'ny volana aprily na ny voalohan'ny volana oktobra.
- Saran'ny fanaovan-draharaha : telo ampahefan'ny iray isan-jato (0,75%) ny amin'ny totalin'ny vola nivoaka sy tsy mbola naverina.
- Saram-panagiazana ny vola : atsasaky ny iray isan-jato (0,50%) amin'ny totalin'ny trosa tsy mbola nampiasaina, ka manomboka amin'ny andro faha-120 aorian'ny nanasoniavana ny fifanarahana.

Ankinina amin'ny Ministry ny Toekarena, ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola ary amin'ny Praiminisitra Lefitra ny fampahafantarana ny antony sy ny fiarovana izany mandritry ny ady hevitra.

Araka ny andininy faha-82 ao amin'ny Lalàm-panorenana, andalana faha-VIII, dia tsy maintsy eken'ny lalàna ny fankatoavana ny fifanarahana izay ampiasana ny volam-

panjakana.

Izan sy izany , no anton'ity Lalàna ity.

**REOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
**Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana**

---

**ANTENIMIERAMPIRENENA**

---

**LAHARANA FAHA- 2003 - 034**

**manome alalana ny fankatoavana ny fifanaraham-bola nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Tahiry Afrikanina momba ny Fampandrosoana tamin'ny 3 jona 2003 ho enti-manatontosa ny tetikasam-panarenana ny lalàm-pirenena voalohany *bis* hatreo amin'ny kilaometatra faha-38 ka hatramin'ny faha-99,33 ary ireo lalam-paritany mifandray aminy.  
Fampindramam-bola laharana faha-2100150006778  
Laharan'ny tetikasa : P-MG-DBO-008**

---

Nolanian'ny Antenimieram-pirenena tamin'ny fivoriana izay nataony ny faha 28 oktobra 2003, izao Lalàna manaraka izao :

**Andininy tokana-** . Ekena ny fankatoavana ny fifanaraham-bola mitotaly IRAY HETSY SY FOLO TAPITRISA *UNITES DE COMPTE* (10.100.000 UC) na ROA SY ENINJATO TAPITRISA SY DIMY AMBY VALOPOLO LAVITRISA IRAIMBILANJA MALAGASY (85.602.000.000 FMG) nifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Tahiry Afrikanina momba ny fampandrosoana tamin'ny 3 jona 2003 ho enti-manatontosa ny tetikasam-panarenana ny lalàm-pirenena voalohany *bis* (kilaometatra faha-38 ka hatramin'ny faha-99,33) sy ireo lalàm-paritany mifandray aminy.

**Antananarivo faha 28 oktobra 2003**

**NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,**

**NY SEKRETERA,**

**LAHINIRIKO Jean**

**FIFANARAHAM-PAMPITROSAM-BOLA  
EO AMIN'NY  
REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
SY NY  
TAHIRY AFRIKANINA MOMBA NY FAMPANDROSOANA**

**TETIKASA FANARENANA  
NY LALAM-PIRENENA VOALOHANY *BIS*  
EO ANELANELAN'NY KILAOMETATRA FAHA-38 SY 99,33  
SY IREO LALAM-PARITANY MIFANDRAY AMINY**

IFANAOVAN'NY REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
SY NY TAHIRY AFRIKANINA MOMBA NY FAMPANDROSOANA

TETIKASA FANARENANA  
NY LALAM-PIRENENA VOALOHANY BIS  
EO ANELANELAN'NY KILAOMETATRA FAHA-38 SY 99,33  
ARY IREO LALAM-PARITANY MIFANDRAY AMINY

---

**LAHARANAN'NY TETIKASA : P-MG-DBO-008  
FAMPITROSAM-BOLA LAHARANA FAHA-2100150006778**

Niarahan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Tahiry afrikanina momba ny fampandrosoana nanaiky tamin'ny 3 jona 2003 ity fifanaraham-pampitrosam-bola ity. Ny teny hoe "fifanarahana" no iantsoana ny fifanaraham-pampitrosam-bola. "Mpitrosa" no ilazana ny Repoblikan'i Madagasikara. Ilazana ny Tahiry afrikanina momba ny fampandrosoan ny teny hoe "tahiry".

1. Nangatahan'ny mpitrosa ny tahiry mba hamatsy vola ny ampahan'ny saran'ny tetikasa fanarenana ny lalam-pirenena voalohany *bis* eo anelanelan'ny kilaometatra faha-38 sy ny kilaometatra faha-99,33 mbamin'ireo lalam-paritany mifandray aminy. Ny ampahan'ny sarany amin'ny vola vahiny sy amin'ny vola malagasy no angatahana io famatsiam-bola io. Fampitrosana mahatratra ny totalim-bola voalaza manaraka eto no angatahin'ny mpisambotra.
2. Amin'ny lafiny teknika dia azo tontosaina ny tetikasa sady tsy mamono antoka amin'ny lafin'ny toekarena.
3. Ny Minisiteran'ny asa vaventy no manatontosa ny tetikasa.
4. Neken'ny tahiry ny fampitrosana ny vola amin'ny mpindrana araka ny votoatin'ny fifanarahana sy ny fepetra voalaza manaraka eto.

Koa noho izany dia iarahan'ny roa tonta manaiky ireto zavatra voalaza manaraka ireto.

**ANDININY VOALOHANY : FEPETRA ANKAPOBENY, FAMARITANA**

Fizarana 1.01. Fepetra ankapobeny. Mifanaraka ny roa tonta fa ny votoatin'ny fepetra ankapobeny izay azo ampiarina amin'ny fifanaraham-pampitrosam-bola sy amin'ny fifanaraham-panomezana antoka ataon'ny tahiry tamin'ny 23 novambra 1989 ary nasiam-panovana ka antsoina hoe fepetra ankapobeny dia mitovy lanja sy fiantraikany toy ireo fepetra nampidirina manontolo ao anatin'ity fifanarahana ity.

Fizarana 1.02. Famaritana. Raha tsy hoe mifanohitra amin'ity fifanarahana ity ny toe-java-misy dia tsy miova ny dikan'ireo teny voalazan'ny fepetra ankapobeny isaky ny ampiasaina amin'ity fifanarahana ity.

**ANDININY FAHAROA : FAMPITROSAM-BOLA**

Fizarana 2.01. Totalin'ny vola. Avy amin'ny loharanom-bolany no ampitrosan'ny tahiry vola amin'ny mpitrosa. Vola maro karazana izay azo atakalo vola hafa no anomezana io trosa io. Mitovy amin'ny iray hetsy sy folo tapitrisa (10.100.000) *unités de compte* ny totaliny. Voalazan'ny andalana voalohany ao amin'ny andininy voalohan'ny fifanarahana nananganana ny tahiry ny atao hoe *unité de compte*.

Fizarana 2.02. Antony. Ampiasaina hamatsiam-bola ny ampahan'ny saran'ny tetikasa amin'ny vola vahiny sy amin'ny vola malagasy ny vola trosaina araka ny voalaza ao amin'ny tovana voalohan'ny fifanarahana.

Fizarana 2.03. Fampiasana ny vola. Ampiasaina amin'ny karazam-pandanian'ny tetikasa ny vola trosaina araka ny voalazan'ny tovana faharoan'ny fifanarahana.

### **ANDININY FAHATELO : FAMERENANA NY TROSA, SARAM-PANAOVAN-DRAHARAHA, SARAM-PANAGIAZANA NY VOLA, FE-POTOANA**

Fizarana 3.01. Famerenana ny trosa.

a). Efaolo taona manomboka ny daty anaovana sonia ny fifanarahana ny faharetan'ny fotoana amerenan'ny mpitrosa ny vola saingy folo taona aorian'izany vao manomboka ny fandoavana azy. Iray isan-jato isan-taona ny zana-bola eo anelanelan'ny taona faha-iraka ambin'ny folo sy ny faha-roapolo ary telo isan-jato isan-taona mandritra ireo taona sisa.

b). Isaky ny enim-bolana sy tsy an-kiato no andoavana ny trosa ary mitovy ny haben'ny vola aloa. Ny voalohan'ny volana aprily na ny volana oktobra aorian'ilay folo taona voalaza teo no vanimpotoana voalohany anefana ny trosa.

Fizarana 3.02. Saram-panaovan-draharaha. Araka ny voalazan'ny fepetra ankapobeny ao amin'ny fizarana 3.02. dia misy saram-panaovan-draharaha aloan'ny mpitrosa. Telo ampahefan'ny iray isan-jato (0,75%) isan-taona amin'ny trosa efa nampiasaina sy tsy mbola naverina no aloany amin'izany.

Fizarana 3.03. Saram-panagiazana. Mandoa saram-panagiazana ny vola ny mpitrosa. Atsasaky ny iray isan-jaton'ny totalin'ny trosa (0,5%) tsy mbola nampiasaina no aloany amin'izany manomboka amin'ny andro faha-120 aorian'ny nanasoniavana ny fifanarahana.

Fizarana 3.04. Fe-potoana. Aloa isan-taona isaky ny enim-bolana, izany hoe ny voalohan'ny volana avrily na ny voalohan'ny volana oktobra, ny trosa sy ny saram-panaovan-draharaha mbamin'ny saram-panagiazana ny vola.

### **ANDININY FAHEFATRA : FANEKEN'NY MPITROSA**

Fizarana 4.01. Faneken'ny mpitrosa. Araka ny voalazan'ity fifanarahana ity dia manaiky ny mpitrosa fa hampisondrotra ny saran'ny fampiasan'ny olona ny lalana araka izay habe heverin'ny tahiry fa mahafa-po.

### **ANDININY FAHADIMY : FEPETRA IANKINAN'NY FAMPIHARANA NY FIFANARAHANA SY NY FAMOAHANA VOALOHANY NY VOLA, FEPETRA Hafa.**

Fizarana 5.01. Fepetra iankinan'ny fampiharana ny fifanekena. Miankina amin'ny fanatanterahan'ny mpitrosa ny voalazan'ny fepetra ankapobeny, fizarana 5.01, ny fampiharana ity fifanarahana ity.

Fizarana 5.02. Fepetra iankinan'ny famoahana voalohany ny vola. Ny famoaham-bola voalohany dia miankina amin'ny fanatanterahan'ny mpitrosa ireto fepetra manaraka ireto araka izay mahafa-po ny tahiry, ankoatra ny fampiharana ity fifanarahana ity. Toy izao ireo fepetra ireo :

- (i) omena ny tahiry ny porofo milaza fa nankatoavina ny didim-panjakana manova ny fomba fiasan'ny tahirim-pikojakojan-dalana ka miantoka ny fisian'ny haba alaina amin'ny fivarotana ny solika sady mikendry ny hampivelarana ny filan-kevim-panorolalana ary mampiakatra ny haben'ny vola ilaina amin'ny asa maika ;
- (ii) omena ny tahiry ny porofo fa ny mpitrosa dia nanokatra kaontim-bola vahiny any amin'ny bankim-barotra manana ny maha-izy azy mba hivantan'ny vola fandraisan'ny tahiry

anjara amin'ny fividianana ny zavatra ilaina sy ny karaman'ny olona anankiroa.

Fizarana 5.03. Fepetra hafa. Ankoatra ireo dia tsy maintsy alefan'ny mpitrosa any amin'ny tahiry ny fandaharanasa hataony mikasika ny fanondrotana ny saran'ny fampiasan'ny olona ny lalana. Ny 30 jona 2004 no fe-potoana farany anomezana izany fandaharanasa izany.

#### **ANDININY FAHA-ENINA : FAMOAHAM-BOLA, FE-POTOANA FAMARANANA**

Fizarana 6.01. Famoaham-bola. Araka ny voalazan'ny fifanarahana sy ny fepetra ankapobeny dia hamoaka vola ny tahiry mba handoavana ny lany noho ny zavatra sy ny fisahanan-draharaha enti-manatontosa ny tetikasa.

Fizarana 6.02. Fe-potoana famaranana. Noraiketina ao amin'ny fepetra ankapobeny, fizarana 9.01, andalana a (iv), ny datin'ny 31 desambra 2005 na izay datin'andro hafa aoriana ifanarahan'ny mpitrosa sy ny trosa.

#### **ANDININY FAHAFITO : FAHAZOANA FITAOVANA, FAHAZOANA NY FANAOVANA NY ASA SY NY FISAHAN AN-DRAHARAHA**

Fizarana 7.01. Manome antoka ny mpitrosa fa ny fividianana entana sy fandoavana fisahanan-draharaha ao amin'ny tany misy ny fanjakana mpandray anjara na mpikambana no hany ampiasàna ny vola azo amin'ny fampitrosana. Voafaritra ao amin'ny andalana voalohan'ny andininy voalohan'ny fifanarahana nananganana ny tahiry ny atao hoe fanjakana "mpandray anjara" sy fanjakana "mpikambana".

Fizarana 7.02. Fahazoana fitaovana sy fanaovana ny asa. Voasoritra araka ny fitsipika arahina nankatoavin'ny tahiry tamin'ny 15 jolay 1996 sy nasiam-panitsiana tamin'ny 10 novambra 1999 ny fomba fahazoana ireo fitaovana sy asa ilaina amin'ny fanatontosana ny tetikasa :

- (i) tolo-bidy iraisam-pirenena no ahazoana ny fanaovana ny asam-panarenana ny lalam-pirenena voalohany (RN1) *bis* ;
- (ii) tolo-bidy atao eto Madagasikara no ahazoana ny fanaovana ny asam-panarenana ny lalam-paritany ;
- (iii) fiantsoana ireo mpamatsy entana eto Madagasikara no hatao mba hahazoana ireo entana momba ny solosaina sy ny kojakoja ho an'ny birao.

Fizarana 7.03. Fahazoana ny fisahanan-draharaha. Voasoritra araka ny fitsipika arahina nankatoavin'ny tahiry tamin'ny 15 jolay 1996 sy nasiam-panitsiana tamin'ny 10 novambra 1999 ny fomba fahazoana ny fisahanan-draharaha :

- fifantenana mpiasa an-tselika vitsivitsy no atao ho an'ny asam-panohanana ny fandaminana ny rafitra ankapobeny, ny fanaraha-maso ny asa, ny fanadihadiana mikasika ny fanarenana ny lalam-paritany ary ny fanamarinana ny kaontim-bolan'ny tetikasa.

#### **ANDININY FAHA-VALO : FEPETRA ISAN-KARAZANY**

Fizarana 8.01. Fampiasana manokana ny vola trosaina. Raha ohatra, araka ny hevitra ny mpitrosa sy ny tahiry, ka atahorana ho voantsembatsemban'ny toe-java-misy manokana na tsy nampoizina ny fanatontosana ny tetikasa dia azon'ny tahiry atao ny maka vola zato sy arivo sy iray hetsy (101.100) *unités de compte* ao amin'ny totalim-bola trosaina, izany hoe iray isan-jato raha be indrindra, mba hiantSORohana ny saran'ny fanadihadiana na izay fepetra hafa ho enti-manarina ny toe-draharaha.

Tsy angatahin'ny mpitrosa mialoha ny fandoavana ny vola lany mifandraika amin'izany saingy hampahafantarina'ny tahiry azy avy hatrany ny haben'ny vola ilaina.

Fizarana 8.02. Solontena nahazo alalana. Ny Minisitry ny fitantanam-bola sy ny toekarena na izay olona tendreny an-tsoratra no solontena nahazo alalana avy amin'ny mpitrosa araka ny voalazan'ny fepetra ankapobeny ao amin'ny fizarana 14.03.

Fizarana 8.03. Datin'ny fifanarahana. Na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona dia heverina ho toy ny vita tamin'ny datin'andro voalaza any amin'ny pejy voalohany ity fifanarahana ity.

Fizarana 8.04. Adiresy. Voalaza ao amin'ny fepetra ankapobeny, fizarana 14.01, ireto adiresy ambara manaraka ireto.

**Ho an'ny mpitrosa :**

**Adiresy amin'ny paositra :** Minisitery ny fitantanam-bola sy ny toekarena,  
BP 129, Antananarivo, REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA

**Adiresy telegrafika :**

- *Télex* : 22489 MINFIN
- *Telefaonina* : (261) 20 22 242 51
- *Fax* : (261) 20 22 345 30

**Ho an'ny tahiry :**

**Adiresy amin'ny paositra :** Tahiry afrikanina momba ny fampandrosoana,  
01 BP 1387 ABIDJAN 01, Côte d'Ivoire

**Adiresy telegrafika :**

- AFDEV/ABIDJAN
- *Telefaonina* : (225) 20 20 44 44
- *Fax* : (225) 20 20 56 67/20 20 59 20

Satria azo antoka ireo zavatra voalaza ireo dia manao sonia ity fifanarahana ity ny tahiry sy ny mpitrosa amin'ny alalàn'ny solontena notendren'ny andaniny sy ny ankilany. Dika mitovy anankiroa ny fifanarahana ary vita amin'ny teny frantsay izay manan-kery rahateo.

**HO AN'NY REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
RADAVIDSON ANDRIAMPARANY BENJAMIN  
MINISITRY NY TOEKARENA, NY FITANTANAM-BOLA SY NY TETIBOLA

**HO AN'NY TAHIRY AFRIKANINA MOMBA NY FAMPANDROSOANA**  
THEODORE E. NKODO  
FILOHA LEFITRA

**NANAMARINA : CHEIKH IBRAHIMA FALL**  
SEKRETERA JENERALY

## TOVANA VOALOHANY

### NY ANTSIPIRIAN'NY TETIKASA

Ireto ny votoatin'ny tetikasa :

- A. Fanarenana ny lalam-pirenena voalohany (RN1) *bis* (anelanelan'ny kilaometatra faha-38 sy ny faha 99,3);
- B. Fanarenana ny ampahan'ny lalam-paritany, lalan-tany, mahatratra 550 kilaometatra;
- C. Fanaraha-maso ny asa;
- D. Fanampiana amin'ny fandaminana ny rafitra ankapobeny ;
- E. Fanadihadiana mikasika ny lalam-paritany ;
- F. Fanamarinana mikasika ny tetikasa.

## TOVANA FAHAROA

### FAMPIASANA NY VOLA TROSAINA

Ambaran'ity tovana ity ireo karazam-pandaniana sy sokajim-pandaniana ampiasana ny vola trosaina.

Sokajy	Sarany an-tapitrisa <i>unité de compte (UC)</i>		
	Vola vahiny (UC)	Vola malagasy	Totalim-bidy
<b>1. ASA VAVENTY</b>			
Lalam-pirenena voalohany <i>bis (RN1 bis)</i>	3.29	0.97	4.26
Lalam-paritany	2.03	1.50	3.53
<i>Totalim-bidin' ny asa vaenty</i>	5.33	2.47	7.80
<b>2. ASA AN-TSELIKA</b>			
Fanaraha-maso ny <i>RN1 bis</i>	0.19	0.06	0.25
Fanaraha-maso ny lalam-paritany	0.17	0.05	0.22
Fanampiana amin'ny lafiny teknika ny Minisiteran'ny asa vaenty	0.12	0.03	0.15
Fanamarinana	0.04	0.00	0.04
<i>Totalim-bidin' ny asa an-tselika</i>	0.53	0.14	0.67
<b>3. ENTANA SY FITAOVANA</b>	0.02	0.00	0.02
<i>Totalim-bidin' ny entana sy fitaovana</i>	0.02	0.00	0.02
<b>TENA VIDINY</b>	<b>5.88</b>	<b>2.61</b>	<b>8.49</b>
<b>TSY AMPOIZINA</b>	0.59	0.26	0.85
<b>FISONDROTRY NY VIDIN-JAVATRA</b>	0.43	0.33	0.76
<b>TOTALIN'NY VOLA LANIN'NY TETIKASA</b>	<b>6.90</b>	<b>3.20</b>	<b>10.10</b>



**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
***Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana***

**ASSEMBLEE NATIONALE**

**Le Président**

à

**Monsieur le Président du Sénat**  
**ANTANANARIVO**

N° \_\_\_\_\_-AN/Q2/SG/DL.4

Antananarivo, le

Monsieur le Président,

En application des dispositions de l'article 86 de la Constitution, j'ai l'honneur de vous transmettre, aux fins d'examen, un exemplaire de :

**la Loi n° 2003 - 034 autorisant la ratification de l'Accord de Crédit  
conclu le 03 juin 2003 entre la République de Madagascar et le  
fonds Africain de développement (FAD) relatif au Projet de  
Réhabilitation de la Route Nationale RN1 Bis (PK 38 au PK 99.3) et  
de Routes Provinciales connexes - Prêt n° 2100150006778  
- Projet n° P-MG-DBO- 008,**

que l'Assemblée nationale a adoptée en sa séance plénière du 28 octobre 2003, en application des dispositions de l'article 57, alinéa 1, de son Règlement Intérieur.

Veillez agréer, Monsieur le Président, l'assurance de ma haute considération.

**LAHINIRIKO Jean**

**REOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

**ASSEMBLEE NATIONALE**

LE SECRETAIRE GENERAL

à

MONSIEUR LE SECRETAIRE GENERAL DU SENAT  
**-ANTANANARIVO-**

N° \_\_\_\_\_ -AN/Q2/SG/DL.4

Antananarivo, le

**BORDEREAU D'ENVOI**

DESIGNATION DES PIECES	NOMBRE	OBSERVATIONS
------------------------	--------	--------------

<p>Loi n° 2003 - ... autorisant la ratification de l'Accord de Crédit conclu le 03 juin 2003 entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement (FAD) relatif au Projet de Réhabilitation de la Route Nationale RN1 Bis (PK 38 au PK 99.3) et de Routes Provinciales connexes - Prêt n° 2100150006778 - Projet n° P-MG-DBO- 008.....</p>	<p>100 ex</p>	<p>« Aux fins d'examen »</p>
---	---------------	------------------------------